# NY ANARANA

***Oh*** : - Milalao baolina ny mpianatra.

RF (anaran-javatra) L (anaran'olona)

- Manaikitra ny alika

L (anaram-biby)

⇨Teny entina iantsoana olona, na biby na zavatra.

⇨ Teny afaka mitana anjara asa fototra

-

-

**Famaritana:**

Ny atao hoe anarana dia teny entina iantsoana olona na biby na zavatra na hevitra, azo tsapain-tanana na tsy azo tsapain-tanana ; ka afaka mitana anjara asa fototra sy fameno.

Ialohavana mpanoritra na mahasori-tena raha toa ka atao lazaina.

**Karazany:**

Misy karazany maro ny anarana:

**Anaran-tsamirery** :

Entina iantsoana olona na bidy na zavatra na toerana amin'ny anarany samy irery ka iavahany amin'ny hafa. Ialohavan'ny mpanoritra toy ny **(i, An-, Ra-, Ikala, Ilay, Ingahy, Andria-….)** mandrakariva izy. Tsy maintsy atomboka amin'ny sora-baventy ny fanoratana azy

**Oh**: Ikoto, Ilay Koto, Antananarivo, Ramboa, Ikalamavo, …

## Anarana iombonana

Entina iantsoana sokajin'olona na biby na zavatra iray tarika na andiany ka itambarana sy iombonan'izy rehetra.

**Oh**: mpianatra, fanjaitra, fahendrena, vorona…

## Fomba fandrafetana anarana iombonana

### Amin'ny matoanteny

Alatsaka ny « **m** » ary soloina « **f-** » na « m**p-** » na « **k-** »

**Oh**:

Mianatra = (m) – mp- ianatra ⇨ mpianatra
Manjaitra = (m) – f - anjaitra ⇨ fanjaitra
Milalao = (m) – k- ilalao ⇨ kilalao

### Amin'ny mpamari-toetra

Tovonana "**ha-**" na asiana tsirin-teny saran-droa ha-…………… -ana, faha-………….-ana ny mpamari-toetra dia mahazo anarana .

Oh : tsara: ha - tsara
⇨ hatsara
tsara: ha - tsara - ana

⇨ hatsarana

zaza : faha-zaza
⇨ fahazaza

zaza: faha – zaza - ana

⇨ fahazazana

Lasa sokajain-teny anarana ny mpamari-toetra ao anaty fehezan-teny iray raha voasoritra.

-

### Azo avy amin'ny toerana misy

tovonana "**t-**" dia mahazo anarana

oh: Ambanivohitra: t - ambanivohitra
⇨ tambanivohitra
Antsaha: t - antsaha
⇨ tantsaha

-

## Azo avy amin’ny kambanteny

tsara + maso = tsaramaso
rano + masina = ranomasina
maso + andro = masoandro

## Anarana angoty

Anarana ifampiantsoan’ny olona mifandray akaiky sy mifankahazo am-po, hita matetika eo anivon’ny fianakaviana, mazàna natao hanehoana fitiavana.

Oh :  i Kalasoa, i Neny, Idadanaivo, Ikaky….
Oh: i Bavy, Razaoba, i Valy, Ingahy Naotra, i Zama, i Malala, …

## Anaram-bosotra na anara-petaka

Anarana iantsoana olona iray ankoatra ny tena anarany, araka ny endriny, na toetrany, na zavatra hita eo aminy…
Oh: i Peta; i Bory; i Katsetsoka;